# TALATA 25 DES 2018

**Matio 2:2:"Aiza Ilay teraka ho Mpanjakan' ny Jiosy? fa nahita ny kintany teny atsinanana izahay ka tonga mba hiankohoka eo anatrehany."**

**Matio 2:11:"Ary rehefa tafiditra tao an-trano izy, dia nahita ny Zazakely sy Maria reniny ka niankohoka teo anatrehany; ary nony efa nosokafany ny fitehirizan-drakiny, dia nanolotra zavatra ho Azy izy, dia volamena sy zava-manitra ary miora."**

**RESAKA FIANKOHOFANA – VIE D'ADORATION**

**RESAKA MAGY – NY MAGY NO OHATRA TSARA NIANKOHOKA**

1. Ny olona manana fiainam-piankohofana dia olona nitady an'Andriamanitra tamin'ny fony manontolo ka nahita Azy. EFA NITADY AN'I JESOA TAMIN'NY FONAO MANONTOLO VE IANAO? AZONAO ANTOKA VE FA EFA NAHITA AZY IANAO?

2. Ny olona manana fiainam-piankohofana dia miankohoka raha vao mahita an'i Jesoa. ATAOVY TANJONA AMIN'INY 2019 INY NY HITOMBO AMIN'NY FIAINAM-BAVAKA

3. Ny olona manana fiainam-piankohofana dia miova: miova fomba fisainana, miova fomba fiainana, miova fomba fanompoana. SOIS TRANSMETTEUR DE LA FOI

Enga anie isika rehetra hanana an'izany fiainam-piankohofana, vie d'adoration izany!